Gazetiko 25 TAONA

**FIFANINANANA TONONKALO - IREO FOLO HOTSARAINAO MPAMAKY** 3

**ANOSIZATO** 4

# VOLA 120 TAPITRISA VOAROBA, LEHILAHY IRAY MATY VOATIFITRY NY JIOLAHY

Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7536 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Alatsinainy 03 aprily 2023

**MARINA IZANY !** 7

**MISESISESY LOATRA !**

**1947 - 76 TAONA ATY AORIANA** 7

**MBOLA MITOHY NY TOLONA, HOY NY FILOHAN'NY FTPM**




**"MISS ET MISTER MALAGASY 2023"**

**I CANDICE SY ALEXANDRE NO LANY TAO FRANTSA** 2



**BASKET - LIGIN'ANALAMANGA**

**NAMOAKA MPITSARA LALAO 38 MIANADAHY "ANDIANY TARATRA"** 3

**LIFESKILLS FANOITRA TANORA**

**6 000 NO NISITRAKA FAMPIOFANANA** 3

**PAPA FRANÇOIS** 8

**NIVOAKA NY HOPITALY EFA NITARIKA LAMESA**

**LALAM-PIRENENA FAHA-13** 4

# FIARA TAKSIBROSY NIREHITRA, OLONA 7 MAY KILA, 17 HAFA NARATRA MAFY



**HERY RAJAONARIMAMPIANINA** 7

# "SAKANA HO AN'NY FAMPANDROSOANA NY FITSARANA MITANILA MISY ETO"



**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy hoe afaka miaina dia izay no zava-dehibe, fa ny fototra ilaina dia ianao mahay miaina sy mianatra mandeha."

Ny Vetso (09.02.14)

("L'essentiel n'est pas de vivre mais de bien vivre." Platon)

Faran'ny herinandro

# Nahomby amin'ny ankapobeny na nosembanindrahona aza

*Nanomboka tamin'ity faran'ny herinandro ity ny fisokafan'ny taom-piakarana an-tsehatra ankalamanjana teto an-drenivohitra. Ry Oladada tetsy Antsahamanitra sy ry Samoela tetsy amin'ny kianja malalaky ny Esca Antanimena ary ry Rheg sy Dekaps'band teny Analamaitso Analamahitsy no nisantatra izany omaly alahady. Amin'ny ankapobeny dia nahomby avokoa ny seho notanterahan'izy ireo na dia nosembanindrahona azy omaly tolakandro. Avy tampoka ny orana teo amin'ny manodidina ny tamin'ny 2 ora mahery teo ho eo, izay fotoana hidiran'ny olona anatin'ny fety. Na izany aza, vetivety ihany dia nisava ka tsy nahasakana ireo fampisehoana tsy handeha araka ny tokony ho izy izany. Tetsy ankilany, tao anaty efitrano kosa, dia ry Lalie sy Henri Ratsimbazafy no nifandimby tetsy amin'ny CCESCA Antanimena.*


**Nangonin'i Fy**



Feno hipoka ny CCESCA omaly nanotrona ny 90 taonan'i Henri Ratsimbazafy. (Sary : Kelly)



Nanakoako tao anatin'ny ravaka miloko sainam-pirenena ny vazon-dry Oladada tetsy Antsahamanitra (Sary : Kelly)



Nifanitsa-kitro ny mpankafy Samoela tetsy amin'ny kianjan' ny Esca Antanimena (Sary : Kelly)



Matihanina ny seho natolony tetsy amin'ny CCESCA. (Sary : Kelly)

"Miss et Mister Malagasy 2023"

# I Candice sy i Alexandre no lany tao Frantsa

Lany Miss et Mister hisolotena an'ireo Malagasy ampielezana, na hoe mipetraka ao Frantsa, i Candice sy i Alexandre. Tovovavy avy any Nosy be moa i Candice, vao 19 taona monja izy ary hanala ny fanadinam-panjakana bakaloréa amin'ity taona ity. Raha afaka soamantsara izy dia maniry ny hianatra fizahan-tany indray. Zavatra anisan'ny tena mba tiany moa ny maka sary, ny resaka lamaody, ny haihaingo ary ny taovolo. I Alexandre kosa dia tovolahy jejojejo izay, tia mizaha tany. Mbola tanora vao erotrerony ihany koa izy



ary dia mbola vao mijery izay zavatra hataony, fa ny manao asa sosialy aloha no anisan' ny tena mahaliana azy. Ho avy eto Madagasikara moa izy mianadahy ireto hanatanteraka asa sosialy toy izay efa fanaon'ireo « miss » sy « mister » talohan'izy ireo. Ho azy ireo dia ny fanampiana an'ireo ankizy malagasy tratran'ny tsy fanjarian-tsakafo no tetikasa hataony, izay antsoina hoe: "tohan'aina". Efa misy fikambanana moa noresahin'izy ireo amin'izao ary tsy ho ela dia ho avy eto izy ireo hanatanteraka izany.

**Tanya.R**

JIRAMA

Jiro sy Rano Malagasy

## FAMPAHAFANTARANA

Ry Mpanjifa hajaina,

Ao anatin'ny fanokafana ireo masoivoho vaovao eto Antananarivo isika izao, ka hisy fihatoana ny fampiasana ireo asa rehetra izay atao amin'ny aterineto (internet) :

- Fandoavana an-davitra ny faktiora (USSD sy WEB);
- Fividianana fahana amin'ny aterineto;
- Fividianana ny fahana amin'ny ho an'ny kaontera « prépayé » ;
- Fandefasana ny mariky ny fandaniana ( auto-relevé d'index ),

ny Sabotsy faha 01 aprily 2023 manomboka amin'ny 12 ora atoandro ka hatramin'ny Alatsinainy faha 03 aprily 2023, amin'ny 06 ora maraina.

Mirary soa ho antsika rehetra.

## COMMUNIQUE

Chers clients,

Dans le cadre de la mise en service des nouvelles agences à Antananarivo, toutes les offres digitales qui nécessitent l'utilisation d'internet vont être suspendues.

- Paiement de facture (USSD et WEB)
- Achat de crédit via internet
- Achat de crédit pour les « compteurs Prépayés »
- Envoie d'auto-relevé

Du samedi 1er avril 2023 à partir de 12h jusqu'au lundi 03 avril à 6h du matin.

Nous vous souhaitons le meilleur.

jirama officiel jirama ofisialy www.jirama.mg service-client@jirama.mg 547

G CL 465/4-4

Basket - Ligin'Analamanga

# Namoaka mpitsara lalao 38 mianadahy andiany TARATRA



Tombony ho an'Analamanga ny fananany mpitsara lalao tanora maro ! (Sary: a.r)

Mitombo isa hatrany ny mpitsara lalao amin'ny taranja basket-ball, vokarin'ny Ligin' Analamanga. Notanterahina omaly, teny amin'ny foiben'ny " Académie Nationale des Sports " Ampefiloha, ny famoahana an'ireo andiany antsoina hoe "Taratra". Araka ny fanamarihana nataon'ny "Instructeur" Hasina dia mahatratra 38 mianadahy mianaka ny mpitsara lalao nahazo maripahaizana momba an'izany andraikitra mankadiry amin'ny fitantanana ny lalao eny ambony kianja izany. Mizara roa ireo mpiofana nanaraka ny fampianarana nandritra ny volana martsa, izay teo ambany fitantanan'ireo tekinisianina momba ny fitsarana ny lalao, nahitana ny tompon-andraikitra avy ao amin'ny " Direction Régionale des Arbitres – Commission Régionale des Arbitres – Commission Centrale des Arbitres ". Ny voalohany dia mpitsara lalao mbola tanora, miandraikitra mpilalao latsaky ny 12 ka hatramin'ny 14 taona any anaty klioba. Manentana, manetsiketsika, ary mampahafantatra ny andraikitry ny mpitsara lalao no sahaniny amin'izany. Ny faharoa kosa dia mpilalao sy mpanazatra tany anatin'ny klioba, nisafidy ny hanao ny asan'ny mpitsara lalao. Tany am-boalohany dia nahatratra 41 ny isan'ireo mpiofana saingy ny telo tsy naharitra hatramin'ny farany. Ny zandriny indrindra amin'izy ireo dia 15 taona, ary ny zokiny kosa dia renim-pianakaviana 53 taona. Mpilalao basket-ball fahiny ity farany ity. Manana klioba mandray anjara amin'ny fifaninanana eto anivon'ny Ligin'Analamanga izy amin'izao fotoana izao. Nambarany fa te hampitombo ny fahalalany amin'ny fitsarana basket-ball no antony nandraisany anjara tamin'ny fiofanana. Tamin'ny anjara fitenenan'Atoa Andriatsima Ravelo Heriniaina, Filohan'ny Ligin'Analamanga, kosa no nananterany fa manana andraikitra amin'ny fampandehanana ny basket-ball ny tontolon'ny fitsarana. Nampanantena izy fa hanamafy ny fiaraha-miasa sy hitondra ny anjara birikiny hatrany ny liginy amin'ny fampandrosoana an'ity taranja ity.

**aris rafaly**

Lifeskills Fanoitra Tanora

# 6 000 no nisitraka fampiofanana

Notanterahina tamin'ny zoma lasa teo tetsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina ny fanolorana ny maripandraisana anjara, ho an'ireo tanora miisa 6 000 avy eto amin'ny faritra Analamanga, nandray anjara tamin'ny fiofanana Lifeskills Fanoitra. Nanome voninahitra izany Ramatoa talen'ny serasera eo anivon'ny fiadidiana ny Repoblika, ny Minisitry ny Tanora sy ny Fanatanjahantena, André Haja Resampa mivady, ary ny avy amin'ny UNICEF. Niarahaba ireo tanora nahavita fiofanana Ingahy Minisitra ary nanamafy hatrany fa manan-danja ny Tanora eo anivon'ny firenena, mila ampiana sy tohanana, satria izy ireny no hoavin'ny firenena. Taorian'iny andiany voalohany iny dia hisitraka izany ihany koa ny any amin'ny faritra hafa, toa an'Atsinanana, Boeny Atsimo Andrefana ary Menabe. Raha hiverenana ny mahakasika ny "Life Skills Fanoitra", na ny fahalalana fototra hoentina mampahomby ny fiainan'ny tanora, dia tetikasa hanohanana azy ireny mba ho ivon'ny fampandrosoana eny ifotony. Hampianarina hanana Vina izy ireo, hahafahany mitsinjo lavitra amin'ny fiainana. Tanjona ny hananany "vinam-pihariana ho an'ny fizakan-tena manokana", "Vina ara-tsosialy" ary "vinan'andraikitra eo anivon'ny fiaraha-monina", hitondrany fanovana eny ifotony avy hatrany.

**Rabenaivo**



Ny Minisitra Haja André Resampa nanome voninahitra ny lanonana.

## Gazetiko 25 taona

### FIFANINANANA TONONKALO
### IREO FOLO HOTSARAINAO MPAMAKY

*440 ireo tononkalo voarainay. Ny 57 amin'ireo tsy nahafeno ny fepetran'ny fifaninanana. Ireto ny tononkalo 10 (folo) nahazo isa tsara hotsarainareo mpamaky hahitana ny mpanoratra 5 (dimy) mendrika indrindra hahazo loka. Misaotra anareo rehetra nandray anjara tamin'ny lalaontsika. Tsiahivina fa hisy ihany koa ny loka ho an'ny mpamaky 5 (dimy) mendrika indrindra*

#### Tononkalo T1

**"Gazetiko 25 taona"**

Izahay mpamaky faly miarahaba etoana
Amin'izao taon-jobily volafotsy izay tsaroana.
Gazety iray miavaka ahitana vaovao
Torohevitra, tantara ao koa ireo lalao.
Enga anie ka hihatsara, izay no firariantsoa.
Ho gazety tokana tena miavaka tokoa,
Dia ho tratry ny ela indrindra haharitra hatrany
Satria gazety tsara rindra izany hoe Gazetiko izany

#### Tononkalo T2

**Ilay Gazetiko**

Zava-misy, pôlitika, samihafa, kolontsaina…
Ao anaty pejy valo isan'andro tantaraina
Soa zaraina maro, sarobidy, tsy voavidy
No maharaka vaovao, ala voly no lalao !
Nanovozako harena, fahalalana sesehena,
Nampitombo ny fahaizako sy ho solika fitaizako.
Hirariako ho lavorary, hotahian'Ilay Nahary
Ilay Gazetiko hampiray, ny dimampolo ho avy indray…

#### Tononkalo T3

**25 taona**

Gasikara no niaingana tamin'ny asan-tserasera,
Ary tao no nahitana tolotsaina lany era,
Zanahary no nitahy ka tratr'ity tsingerin-taona,
Ezaka tokoa ry lahy no vita hatreto ka tsaroana.
Tao anaty taona maro : roapolo dimy amby
Io Gazetiko io fantaro : nahavita ny fanamby
Ka ny taona izay ho avy mbola hiroborobo hatrany,
O ! ry Tompo o ! Miangavy raha sitrakao izany !

#### Tononkalo T4

**25 taona**

Dimy amby roapolo taona
Toera-maro no voatetiko
Fa n'aiza n'aiza tafahoana
Sy mamaky anao GAZETIKO
Isan'andro be mpitaky
Ny GAZETIKO, aiza ianao ?
Fa mahaliana ny mpamaky
Ny andinin-tsoratrao !

#### Tononkalo T5

**Gazetiko 25 taona : mamiko !**

Novakiako teny foana tamin'ny teny malagasy
Tena vitako latasy
Ilay mpampita vaovao
Mba ho ahy sy ho anao.
Fa hatramin'ny fony kely, 25 taona lasa,
Raha mba nisy vola kely nomen'i Dada avy niasa
Ka nividianko hanin-kely sy ilay zavatra mba nentiko
Tena mamy toa tantely ny namaky ilay Gazetiko.

#### Tononkalo T6

**Gazetiko 25 taona**

Hiorim-paka lalandava r'ilay Gazetiko lalaiko,
R'ilay vinidiko isan'andro mahamirana ny saiko,
Ahitana vaovao, ezahiko mba hofantarina
Ahafantaran'ny rehetra ny zava-misy marina!
Dimy amby roapolo taona no efa nahalalako anao
Mandraka androany mbola misy hatramin'izao,
Tsy ho lefin'ny fotoana, ho tojo hatrany am-parany any
Mahaleova mahalasana, eny hijoro hatrany hatrany !

#### Tononkalo T7

**Ny Gazetiko**

Dimy amby roapolo taona nijoroana teo ho anao
Ny Gazetiko mpizara ny andinim-baovao
Amin'ny teny malagasy ranoray no sady marina
Mitantara "zava-misy", "politika" ilaim-pantarina.
Ny "Samihafa" izay mitranga ary koa ny "Kolontsaina"
Ireo fanatanjahantena sy Ala voly isa-maraina
Ny Gazetiko sakaiza, gazety iray mora vakiana
Dimy amby roapolo taona nahafa-po sy nahaliana.

#### Tononkalo T8

Ny Gazetiko arahabaina tratry ny tsingerin-taona !
Roapolo dimy amby nikelezana aina foana,
Ka nanao ho tarigetra hanambara izay mitranga
Amin'ny olona rehetra na inona na inona saranga !
Izao tsingerin-taona izao no ankalazaina eto anio
Fa ny asa izay hatao mbola hitohy ka tadidio.
Enga anie homen'ny Avo tolo-tsaina ireo mpiasa
Ka mba samy ho ravoravo amin-javatra kinasa!

#### Tononkalo T9

**Gazetiko 25 taona**

Sesehena ireo gazety mpiseho isa-maraina
Fa hafa ihany ny Gazetiko manintona ny saina
Roapolo miampy dimy no efa niorenany
Mahaliana hatrany hatrany ny vaovao izay fantenany
Rariny aho raha hiarahaba ary koa hirary soa
R'ilay Gazetiko isan'andro ankafiziko tokoa
Haharitra ela indrindra e ary koa hotsofin-drano
R'ilay Gazetiko atonta eny Ankorondrano.

#### Tononkalo T10

**Gazetiko**

Feno dimy amby roapolo taona i Gazetiko
K'izay fantatro momba azy no mba entiko.
Izy dia milaza zava-misy, ala voly, samihafa
Mitahiry kolontsaina tsy atakaloko ny hafa
Eny, fanatanjahantena, fanabeazana pôlitika
Trangam-piarahamonina ampitainy amintsika.
Gazetiko ! Ilay fitaovan-tserasera tena tsara
Mametraka tantara ho an'ny dimby sy ny fara!

## Gazetiko 25 taona

### FIFANINANANA TONONKALO

#### TAKELAKA FANDRAISANA ANJARA

**FANONTANIANA**

- Iza ny tononkalo heverinao fa tsara indrindra amin'ireto folo ireto ?

T1 ☐ T3 ☐ T5 ☐ T7 ☐ T9 ☐
T2 ☐ T4 ☐ T6 ☐ T8 ☐ T10 ☐

Mariho X ny safidinao. Iray ihany no marihina. Tsy ekena ary tsy manan-kery ny mitakosina

**FANONTANIANA FANAMPINY**

- Firy ny isan'ny mpandray anjara mitovy hevitra aminao ?

Soraty ao anaty toerana voatondro amin'izany :

..........

Anarana : ..........

Fanampin'anarana : ..........

Adiresy : ..........

Laharana finday : ..........

*Aterina aty amin'ny* **Gazetiko** *enceinte* **midimadagasikara** ***Ankorondrano Antananarivo Renivohitra*** *farafahatarany ny* ***ZOMA 07 APRILY 2023*** *hatramin'ny* ***05 ora*** *hariva ity takelaka fandraisana anjara ity.*

Lalam-pirenena faha-13

# Fiara taksiborosy nirehitra, olona 7 may kila, 17 hafa naratra mafy

*Avy any Tolagnaro ho any Ambovombe ilay fiara tamin'io no nivadika teo amin'ny fiolanan-dalana.*

Loza no niseho tany amin'ny lalam-pirenena faha-23 (RN 13 S), tany Bevilany, any amin'ny kaominina Ankariera Ranopiso, ao anatin'ny distrikan'i Tolagnaro, afakomaly tokony ho tamin'ny 11 ora antoandro. Fiara taksiborosy mercedes 307 D no nivadika sy nirehitra ka olona 7 tao anatiny no may kila nandritra izany, 17 hafa kosa naratra mafy. Araka ny fanazavana dia fiara mampitohy an'i Tolagnaro sy Ambovombe ity niharan-doza ity izay nitondra mpandeha 24. Avy any Tolagnaro ho any Ambovombe ilay fiara tamin'io no nivadika teo amin'ny fiolanan-dalana mivoaka ny fokontany Bevilany ary nirehitra avy hatrany. Tsy nanampo na inona na inona ny rehetra fa vantany vao niseho ny loza dia samy niezaka nanavotena ireo tao anaty fiara. Ireo fito ireo no tsy tafavoaka fa tavela niaraka nirehitra tamin'ilay fiara tao. Naratra mafy ireo 17 ka efa manaraka fitsaboana any amin'ny hopitaly avokoa. Fantatra fa ny dimy mijanona manaraka fitsaboana ao amin'ny hopitaly Amboasary, ny dimy hafa ao amin'ny hopitaly Ambovombe Androy ary ny fito ambiny kosa tsaboina any amin'ny hopitaly any Tolagnaro. Hatreto dia tsy mbola voafaritra mazava izay tena antony nahatonga ilay firehetana nitarika izao fahafatesana sy fandratrana olona izao. Raha vao nahafantatra ny zava-nitranga ireo tomponandraikitra tany an-toerana dia samy nidina nandray ny andraikitra mifanandrify azy avy. Ilay lehilahy 30 taona mpamily ity taksiborosy ity kosa efa notanana any amin'ny zandary any Amboasary atsimo ary mitohy ny famotorana azy.

T.H

Anosizato

# Vola 120 tapitrisa ariary voaroba, lehilahy iray maty voatifitry ny jiolahy

Nisehoan'ny fanafihana mitam-piadiana teny amin'ny fokontany Antokotanitsara, eny Anosizato, ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 6 ora sy sasany hariva. Vokany : ankoatra ny vola mitentina 120 tapitrisa ariary lasan'ireo jiolahy dia lehilahy iray 54 taona no maty voatifitr'ireo mpanafika tamin'io fotoana io. Tokantrano iray tany ambony rihana tao amin'ny trano misy rihana telo no lasibatry ny asan-jiolahy. Telo lahy nirongo basy no tonga nanatanteraka ny asa ratsiny. Araka ny fanazavana azo dia niditra tao amin'ilay trano toy ny olona vahiny rehetra ry zalahy. Rehefa tonga tany ambony rihana tao amin'ny tranon' ilay vehivavy ry zalahy dia namoaka ny basy lava ka nanambana azy. Voafehin'ireo mpanafika izy ka lasa tamin'izany ny sakaosy sy valizy nisy vola mitentina 120 tapitrisa ariary. Lasa nitsoaka izy ireo rehefa azony izay tiany nalaina tao. Nisy nampandre mikasika ity asa ratsy ity ny zandary ka nandeha tany an-toerana rehefa nahazo ny antso. Nisy ihany koa ny fikarohana an'ireo jiolahy. Nandritra izany dia nifanehatra tamin'ireo mpitandro filaminana ny iray tamin'ireto farany ka latsaka teny aminy ny sakaosy nisy ny vola sasany izay mitentina 80 tapitrisa ariary. Tsy tratra moa izy tamin'io, ary ny namany efa tany aloha no nitifitra ka nahavoatifitra ilay rangahy iray io ka maty tsy tra-drano izy. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana taorian'ny fizahana nataon'ny dokotera. Mitohy ny famotorana sy fikarohana.

T.H

Itaosy

# Lehilahy hita faty nihantona teny ambony hazo

Lehilahy iray 23 taona no hita faty nihantona teny ambony hazo teo an-tokotaniny, teny amin'ny fokonany Antanjona, kaominina Ambavahaditokana Itaosy, ny sabotsy vao maraina lasa teo. Ny rahalahiny no gaga raha nahita ny zava-niseho ka nampandre ny olona avy hatrany.

Anisan'ny tonga teny an-toerana ny zandary sy ny dokotera vantany vao naheno ity loza ity. Hitan'izy ireo tamin' izany fa nifatotra tady niankina tamin'ny hazo ny tendan'ilay lehilahy maty. Ny findainy ihany koa hita mipetraka eo amin'ny tany anelanelan'ny tongony. Fantatra fa tsy vaky ny tranony ary tsy nahitana dia antongotra ny tamboho. Araka ny fanazavana dia vokatry ny famonoan-tena no nahatongaizao ary tokony ho tamin' ny 2 ora maraina tany ho any ny fotoana nahafatesan'ity lehilahy ity. Nahitana tsiranoka mivoaka ny mahalehilahy azy. Ny fanampim-panazavana hatrany no nahalalana fa nisy lehilahy iray namany niara-natory taminy tao tamin'io alina io. Niaraka nisotrosotro izy roa lahy talohan'izay ary tamin'ny 1 ora sy sasany maraina vao natory ka tsy naheno na inona na inona intsony izy raha tsy nofohazina. Fantatra fa hoe nilaza ho manana olana ara-pitiavana ilay lehilahy tamin'izy roa lahy niaraka. Efa natolotra ny fianakaviany ny razana rehefa vita ny fizahana natao.

T.H

Befandriana avaratra

# Olona roa nahatrarana vola sandoka

Lehilahy iray 34 taona sy vehivavy 18 taona no nahatrarana vola sandoka tany Befandriana avaratra, ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 8 ora latsaka fahefany alina. Vola tsy tena izy miisa enina mitentina 7 alina ariary no tratra tany amin'izy ireo tamin'io fotoana io. Ny dimy tamin'ireo no ravim-bola 10 000 ariary ary iray kosa no ravim-bola 20 000 ariary. Araka ny fanazavana dia nipari-taka ny vola sandoka tany an-toerana tato ho ato ka nandray ny andraikiny avy hatrany ny polisy. Nohamafisin' ireto farany araka izany ny fisafoana ireo fitaovam-pita-terana mifamezivezy. Anisan'ny nanaovana fisavana ny fiara fitaterana 4x4 iray manoloana ny biraon'ny kaominina Befandriana avaratra. Nandritra izany indrindra no nahitan'ireto mpitandro filaminana ireto olona roa tao anatin'ilay fiara, somary hafahafa fihetsika toa kaodikaody izany. Mailo ireo polisy teo anatrehan'izay ka nosavaina avy hatrany ireo olona ireo ary dia io nahitana vola sandoka io tany amin'izy ireo.

T.H

## Tatsy sy taroa

**# Mpitondra môtô maty voadonan'ny kamiao** teny Ambohidroa ny sabotsy lasa teo. Araka ny fanazavana dia nandeha "contre sens" ilay fiara be ka nandona môtô roa. Tafatsofoka tany ambany kamiao mihitsy ilay môtô iray ary nitarika fahafatesana ho an'ilay nitondra azy izany. Ilay mpitondra môtô iray hafa kosa naratra ary simba ihany koa ilay kodiaran-droa. Vantany vao niseho ny loza dia tsy nijanona fa niala teo amin'ilay toerana ny mpamily kamiao.

**# Ankizivavikely tokony ho 4 taona no nokasain'ilay tovolahy 17 taona haolana** teny Ambohidrazaka Alasora, ny sabotsy lasa teo. Rehefa fantatry ny reniben'ilay zaza ny zava-nitranga dia nandeha nitondra ny raharaha teny anivon'ny mpitandro filaminana izy. Fantatra fa mpiandry ombin'ny renibeny ihany ity nikasa hanolana azy ity. Efa nosamborina ralehilahy ary natao andrimaso any amin'ny zandary.

T.H

**Gazetiko**

novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola

Ar 37 452 000

Talen'ny Fanoratana : Lucien RAHARISON 034 34 697 06

Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana : Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

Birao sy fandraharahana : Lalana Ravoninahitriniarivo B.P. 1414 - Antananarivo

Tél.: 22 697 79 / 22 697 80

Fax. 22 273 51

e-mail:midigazetikom@gmail.com

D.L.I.: 16 016 - 04 - 23

Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Saosety sy voanjo

**Zavatra ilaina :** saosety, voanjo, voatabia, tongolo, sakamalao, kotomila ,tongolo maitso.

**Ny fomba fikarakarana azy :** Tetehina madinika ny saosety rehefa voavaofy. Alaina ny voanjo dia totoina manta atao malemy. Arotsaka avy hatrany ao anaty vilany efa misy rano ny voanjo. Asiana voatabia sy tongolo ary sakamalao voatoto. Avela hiketrika kely aloha dia arotsaka avy eo ny saosety. Asiana rano mahadifotra azy dia avela ho masaka. Rehefa hita fa masaka dia arotsaka amin'izay ny kotomila. Esorina rehefa masaka.

## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Poketra, kiraro, fanaka, korontana, boky, lamba, machine, vy. Tél : 033.92.035.13 / 034.89.917.62. (G-BA 506/15-15)

* Debara, fanaka, boky, pièces, vy, kilalao, TV, frigo. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 509/20-10)

### A LOUER

* Trano ahofa, Andoharanofotsy Mahabo. 2ch + douche + wc en sécurité. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 513/5-5)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré : Isotry ampitan'ny mpivaro-kazo. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 517/10-2)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe Homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 517/10-2)

### SERVICE

* Vidange wc & puisard, construction, plomberie. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (M-BA 405/13-3)

### SERVICE VIDANGE

* Fosse septique, puisard Makiplast, perdu, wc 101, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 508/15-11)

### VIDANGE

* Service vidange fosse septique, wc gasy, puisard, pompage, réparation. Tél : 034.47.024.33 / 034.16.145.06. (G-BA 477/20-18)

### MITADY ASA

* Mpametaka carreaux matihanina, mitady asa " équipe za-draharaha ". Tél : 034.23.909.68. (G-BA 515/5-4)

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Hiroso*




## Hatsikana an-tsary

*Fehikibo*




## Masoandro miposaka

### Salamo 41: 4-5

Hoy izaho: Jehovah ô, mamindrà fo amiko; sitrano ny fanahiko, fa efa nanota taminao aho. Ny fahavaloko maniry ahy ho simba ka manao hoe: Rahoviana no ho faty izy, ka ho very ny anarany?

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy


Nil : Tel: 033 07 465 05

## Tantara mitohy — Tari-Dalana




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Ny aina fofonahandro, ka tsy hita izay hahalevonany.**

La vie est comme le parfum des mets : on ne sait quand elle se dissipera.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2917

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | | | | | | | | |
| 8 | | | | | | | 5 | 1 |
| 9 | 3 | 6 | | | 8 | | | 4 |
| 1 | 6 | | | | 9 | | | |
| | | | | 6 | 2 | 3 | | |
| | | | 3 | | | 8 | | |
| | 9 | | | | | | | |
| | | | | | 1 | | 9 | |
| | 7 | 1 | | 4 | 3 | | 6 | |

Valin'ny laharana 2916

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 2 | 7 | 9 | 3 | 4 | 1 | 5 | 6 | 8 |
| 5 | 6 | 1 | 7 | 2 | 8 | 3 | 9 | 4 |
| 3 | 4 | 8 | 9 | 5 | 6 | 7 | 1 | 2 |
| 4 | 1 | 3 | 2 | 8 | 5 | 6 | 7 | 9 |
| 7 | 5 | 6 | 4 | 3 | 9 | 2 | 8 | 1 |
| 8 | 9 | 2 | 6 | 1 | 7 | 4 | 5 | 3 |
| 6 | 8 | 4 | 5 | 9 | 3 | 1 | 2 | 7 |
| 1 | 2 | 7 | 8 | 6 | 4 | 9 | 3 | 5 |
| 9 | 3 | 5 | 1 | 7 | 2 | 8 | 4 | 6 |

Hery Rajaonarimampianina

# "Sakana ho an'ny fampandrosoana ny fitsarana mitanila misy eto"

*Antoky ny fahavononan' ny mpampiasa vola avy any ivelany ho avy eto ny fahadiovan'ny fitsarana.*



**Ny filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampianina.**

Naneho ny heviny, tamin'ny fahitalavitra tsy miankina, omaly ny filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampianina. Anisan'ny teboka noresahiny ny fanomanana ny fifidianana, ny fitsarana, ny sondrobidim-piainana, endrikendriky ny rafitra tokony hitantanana ny firenena ...Mikasika ny fifidianana dia mitaky latsa-bato madio sy mangaraharaha ny filoha teo aloha, hisorohana ny krizy izay fototry ny olana teto. Mora ny mampirehitra ady, saingy tsy fantatra kosa hoe rahoviana no hifarana ary tsy maintsy hiafara amin' ny fifampiresahana, hoy izy. Antony tokony hisorohana izany araka izay azo atao. Mahakasika ny fitsarana dia nivantana no nilazany fa sakana ho an'ny fampandrosoana io fitsarana mitanila misy eto amintsika io. Ankoatra ny tsy fahatokisan' ny vahoaka ny fitsarana mantsy dia antoky ny fahavononan'ny mpampiasa vola avy any ivelany ho avy eto ny fahadiovan'ny fitsarana.

**Fampiroboroboana ny fambolena sy fiompiana !**

Mikasika ny sôsialy dia nametra-panontaniana ny filoha teo aloha ny amin'ny hoe : Nahoana no tafakatra 700 000 taonina ny vary hafaran'ny mpitondra ? Iza no mahazo tombony amin' izany. Ny vahaolana, hoy izy, dia tsy misy afa-tsy ny fampiroboroboana ny fambolena sy ny fiompiana, mba hanatsarana ny fiveloman'ny tantsaha. Ankoatra izay, nanamarika ny filoha teo aloha fa mahakasika ny fitsinjaram-pahefana dia tsy ampy ny fanomezana ny hoenti-manana sy ny fitantanan-draharaham-panjakana fa tokony ho afaka mitandraka sy misitraka ny harena ao aminy. Momba ny pôlitika ankapobeny, nanamarika ny filoha teo aloha fa mihaino ny hetahetam-bahoaka izy ary mifanatona amin'izay mitovy hevitra aminy. Marihina fa tsy mbola nilaza mivantana ny tenany na ho kandida na tsia !

V.R.

Fanatanterahana tetikasam-panjakana

# Manomboka sarotra ny ahitana mpandraharaha hanatanteraka ny asa

Tafalatsaka anaty fahasahiranana lalina ny firenena ary tsikaritra ho tsy atokisan'ny mpandraharaha eto an-toerana na vahiny ny mpitondra, noho izy ireo tsy mitana ny teny nomeny. Araka ny loharanom-baovao marimpototra dia manano sarotra ny mitady orinasa hanatateraka tetikasa amin'izao fotoana izao, noho ny fisian' ireo mpandraharaha mbola maro tsy nahazo ny vola, saran'ny asa nataony tamin' ny fanjakana. Misy amin'izy ireo no voalaza fa efa nahavita ny asa hatramin'ny taona 2021 sy 2022. Misy ihany koa ny asa efa natomboka tsy notohizan'ireo nahazo ny tsenam-barotra. Vokany, voalaza fa orinasa vitsivitsy akaiky ny mpitondra sisa no manatanteraka ny ankamaroan'ireny tetikasa ireny. Nahazoam-baovao marimpototra na ireo mpandraharaha efa nahazo fifanarahana arak'asa, hanatanteraka ireny tetikasa goavana nampanantenaina ireny aza dia misy ny tsy nanohy izany intsony, noho ny ahiahy sao tsy hahazo vola.

*Tsy mitsahatra ny mitady ny fomba rehetra ahazoany ny volany, saran'ny asa vita, ny tompon'ny orinasa nanatanteraka izany.*

**Voafitaka ve ny mpitondra faratampony !**

Niarahan'ny rehetra nahita ireo mpandraharaha, nilanja sora-baventy, tetsy Antaninarenina andro maromaro lasa izay, nitaky ny handoavan'ny Tahirimbolam-panjakana ny volany, saingy mbola tsy tanteraka izany. Araka ny nambaran'ny solontenan'ny mpandraharaha dia tsy mitombina ny filazana fa ny fanaraha-maso ny antontan-taratasy no mampitarazoka ny fandoavana ny volan'ny mpandraharaha. Ny marina dia noho ny tsy fisian'ny vola, hoy ihany ny mpandraharaha, satria efa vita daholo ny pitsopitsony tany amin'ny « comptable » sy ny «GAG» ary «ORDSEC». Ny fanontaniana apetraky ny mpandraharaha dia ny hoe: mahalala ny tena zava-misy marina ve ny mpitondra any amin'ny faratampony sa voafitaka ?

V.R.


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


## Marina izany !

### Misesisesy loatra !

**Ain'olona maherin'ny folo no nafoy tato anatin'ny andro vitsivitsy fotsiny, vokatry ny loza samihafa. Antony niteraka izany ny fihotsahan'ny trano fonenana vokatr'ireny orana nisesisesy ireny, ny firehetan'ny fiara fitateram-bahoaka; ny lozam-pifamoivoizana. Tranga mahonena, indrindra fa tanora tsy manan-tsiny ny ankamaroan'ireny namoy ny ainy ireny. Toe-javatra azo lazaina ihany koa ho vokatry ny tsy fitandrema na tsy fanaraha-maso ny pitsopitson-javatra. Zava-doza antenaina fa hakan'ny olom-pirenena tsirairay lesona, satria tsikaritra ho manjaka loatra eto amintsika, tato anatin'ny taona vitsivitsy izao, ny sitrany sy ny kolikoly ary ny tsy fanomezan-danja afa-tsy ny tombontsoa manokana eo am-panatanterahana ny adidy aman' andraikitra. Marina fa ao anaty fahasahiranana ny rehetra, saingy heverina fa tsy manamarina ny fandikan-dalàna izany. Mikasika ny fiara fitateram-bahoaka, ohatra, dia heverina fa fahadisoana tsy azo leferina ny tsy fanaraha-maso ny pitsopitsony ara-teknika, alohan'ny hampiasana azy. Toy izany koa ny fitandremana eny am-pandehanana, na ho an'ny mpamily fiara na ho an'ny kodiarandroa, indrindra ny mpandeha an-tongotra, satria tsy misy na iray aza mahavidy ain'olona. Mahakasika ny fotodrafitrasa dia antenaina fa naka lesona tamin'ireny loza mahatsiravina ireny ny isan-tokantrano ka hanara-maso ny trano fonenana sy ny manodidina, mba hisorohana ny loza. Ary tsy amin'ny fotoanan'ny orana ihany fa matetika ny aorian'izy ireo no tena mitera-doza rehefa midanika ny masoandro. Tsy vao sambany rahateo no nitranga teto amintsika ny loza toy izao ka ny irariana dia ny mba tsy hiverimberenan'izany intsony !**

Voahangy Rakotozafy

1947 - 76 taona aty aoriana

# Mbola mitohy ny tolona, hoy ny filohan'ny FTPM



**Miantso firaisankinan'ny samy Malagasy ny filohan'ny Fikambanan'ny Tanora mPitolona Malagasy (FTPM), Bekamisy Theodor Carin.**

1947 ! Ny 29 martsa teo ny andro natokantsika hahatsiarovana an'ireo maherifon'ny firenena niady sy nitolona ho an'ny tanindrazana mba hahazoan'ny Malagasy ny fahaleovantena.76 taona aty aoriana, mbola miaina anaty fahasahiranana ny Malagasy. Araka izany, mbola mitohy ny tolona ary mbola tokony hihamafy aza, mba tsy ho very maina ny rà latsaka tamin'izany, hoy Atoa Bekamisy Theodor Carin, filohan'ny antoko FTPM (Fikambanan'ny Tanora mPitolona Malagasy). Nahazo fahaleovantena isika tamin'ny 1960, "*Mbola hita manalokaloka eny ihany ny dian-tanan'ireo vahiny amin'ny fiainam-pirenen'ny Malagasy ankehitriny*", hoy izy. Tolona amin'ny endriny vaovao mifototra amin'ny firaisankinan'ny samy Malagasy moa no ezahan'Atoa Bekamisy Theodor Carin apetraka hahatongavana amin'izany fahaleovantena sy ny fampandrosoana tena izy ho an'ny Malagasy izany ankehitriny.

**Fampihavanam-pirenena**

Anatin'ny taom-pifidianana isika izao raha ny tetiandro napetraky ny CENI. Manahy ny hisian'ny korontana indray anefa ity farany raha hirotoroto amin'ny fifidianana amin'izao toe-draharaha mafampana izao isika. Nomarihin' ity filohan'antoko ity, fa tokony hialohavana fifampiresahana eo amin'ny herivelona rehetra eto amin'ny tany sy ny firenena ny fifidianana mba haneken'ny rehetra ny vokatra mivoaka eo. Amin'ny alalan'ny fifidianana eken'ny rehetra no heveriny fa hahatafita ny tolona, fa tsy sanatria ny fampiasana kibay na lefona, na fidinana an-dalambe. Ny Filoham-pirenena ankehitriny mihitsy no entanin'Atoa Bekamisy Theodor Carin, hitarika izany fampihavanam-pirenena mialoha ny hiatrehana fifidianana izany.

Niry R.

Papa François

## Efa nitarika ny lamesan' ny sampan-kazo



**Tsiahivina fa efa nandalo teto Madagasikara ny Papa François tamin'ny taona 2019. (Tahirin-tsary)**

Nandalo tsy fahasalamana ny lehiben'ny fiangonana katolika maneran-tany. Nivoka ny hopitaly tamin'ny sabotsy lasa teo ny tenany ary efa nitarika ny lamesan'ny sampan-kazo tao amin'ny fiangonana « St Pierre » omaly. Tsiahivina fa nampidirina hopitaly tany Rôma nanomboka ny alakamisy lasa teo ny Papa François noho ny « Bronchite » na aretin'ny taovam-pisefoana nahazo azy. Nanahy mafy tamin'ny fahasalamany avokoa ireo mpino katolika maneran-tany, saingy nanamafy ny tenany tamin'ny fotoana nivoahan'ny hopitaly fa velona soamantsara izy ary hiverina any Vatican hanomana ny fikarakarana ny fanamarihana ny Paska. Tsiahivina fa 86 taona ny Papa François ary efa ela izy no nanana olana ara-pahasalamana, toy ny aretina amin'ny lohalika, ka mahatonga azy atosika amin'ny seza misy kodiarana sy mitondra tehina matetika.

**Nangonin'i R. Muray**

CT Motors Andraharo

## Nahatonga môtô "Kawasaki" hiaka farany



**Tapitra amin'ireto môtô ireto ny modely "Kawasaki" ho an'ny taona 2023. (Sary : Kelly R.)**

Miroborobo ny tsenan'ny kodiaran-droa eto Madagasikara. Naranty nanomboka tamin'ny sabotsy lasa teo, ao amin'ny CT Motors Andraharo, ireo môtô mitondra ny marika "Kawasaki" hiaka farany. *"Mifarana amin'ireto môtô vao tonga ireto ny modely amin'ny marika "Kawasaki" amin'ity taona ity, satria nifarana tamin'ny faran'ny volana martsa lasa teo ny famokarana ireo modely ho an'ny taona 2023. Maharitra eo amin'ny enim-bola eo ny famokarana ireto môtô ireto any am-pitandranomasina ary afaka iray volana sy tapany vao tonga aty Madagasikara. Ho an'ireo mikasa hanafatra manomboka amin'ity volana ity dia any amin'ny volana oktobra na novambra any indray no tonga ny modely vaovao ho an'ny taona 2024."*, hoy ny tale misahana ny varotra eo anivon'ny CT Motors, Rhyno Jesse. Anisan'ireo naranty teny Andraharo ny môtô "Kawasaki" amin'ny modely ZX 10R sy ZX 6R ary Z 900 RS SE, sy ny môtô "Kawasaki" amin'ny modely KX 450 sy KX 450X ary KX 250X. Maro ireo olona ireto efa nanao famandrihana tamin'ireto modely noho ireto môtô ireto tsy natao ho an'ny olon-drehetra fa natao ho an'ireo olona tena mahafehy fitondrana kodiaran-droa sy efa manana traikefa. Ireo mpankafy kodiaran-droa mpikambana anaty klioba sy mpanao fifaninanana no tena nomena sehatra tamin'ity fampirantiana ity. Efa tao anatin'ny 15 taona no niarahan'ny CT Motors niasa tamin'ny marika "Kawasaki", ary mahatonga vokatra vaovao isan-taona foana.

**R. Muray**

Jesosy Mamonjy Tsarahonenana

## Nakaton'ny prefen'Antananarivo

*Korontana sy savorovoro teo amin'ireo samy mpino.*

Tsy mety tapitra ny disadisa eo anivon'ny fiangonana Jesosy Mamonjy. Niroso tamin'ny fanakatonana ny fiangonana teny Tsarahonenana ny teo anivon'ny prefen' ny polisy eto Antananarivo tamin'ny sabotsy lasa teo. Tsy faly tamin'izany ireo mpino ka nilanja sora-baventy milaza fa *"Ny jiolahy mpanafika ny fiangonana no sambory fa tsy ny fiangonana no akatona"*. Efa tamin'ny 28 martsa 2023 no namoahana ny didimpitondrana mandidy ny fanakatonana vonjimaika an'ity fiangonana ity. Anisan' ny antony nampiroso ny manam-pahefana tamin'ny fanakatonana ny fisian'ny korontana sy savorovoro teo amin'ireo samy mpino nandritra ny fametrahana ny pasitera vaovao tamin'ny sabotsy 25 martsa sy alahady 26 martsa lasa teo. Tsiahivina fa tao amin'ny fiangonana Akorondrano no niandohan' ny fizarazarana voalohany noho ny fisian'ny mpitarika roa samihafa samy manana ny olony, izay tonga tamin'ny fifampikasihan-tanana teo amin'ny samy mpino ary ny fanakatonana ny fiangonana mihitsy, araka ny fanapahankevitra noraisin'ny prefe ihany. Mbola nitrangan'ny korontana toy izany koa ny teny Anosibe.


**R. Muray**

"Covid-19"

## Nisy tranga 56 vaovao

Misoko miadana ny "Covid-19". Araka ny antontan'isa ofisialy navoakan'ny minisiteran'ny fahasalamam-bahoaka, dia nahitana tranga vaovao 56 tamin'ny fitiliana 299, izay natao teo anelanelan'ny 25 ka hatramin'ny 31 martsa lasa teo. Teto amin'ny faritra Analamanga ny tranga 24, tany Vakinankaratra ny 26, tany Diana ny 3, tany Androy ny 2, ary tany Matsiatra Ambony ny 1. Mbola misy 69 ireo marary manaraka fitsaboana.

**R. Muray**


JIRAMA

JIro sy RAno MAlagasy

**FAMPAHAFANTARANA**

Ho fanarahana ny toromarika napetraky ny ARTEC (Autorité de Régulation de technologies de Communication), dia hamoraina ho tarehimarika telo ny laharana maitso ka voakasik'izany ny an'ny orinasa JIRAMA.

Manomboka izao ary dia hiova ho 547 ny 3547. Maimaim-poana hatrany kosa anefa ny fiantsoana ary mandray anao 24 ora amin'ny 24 ora mandritra ny 7 andro ary manerana an'i Madagasikara.

Tanjona amin'izao fanovàna izao ny hanatsarana ny fifandraisana amin'ny mpanjifa sy ho fitsinjovana azy ireo.

**INFORMATIONS**

Suivant la réforme instaurée par l'ARTEC (Autorité de Régulation de technologies de Communication), l'appel du numéro vert, dont celui de la JIRAMA, est facilité en trois chiffres.

Désormais, le 3547 devient 547. Cependant, l'appel reste gratuit et la ligne est disponible 24/7 sur le territoire national.

Cette réforme vise à améliorer et préserver la relation client.

G CL 462/15-7